# MASINA NY ANARANY

Masina ny Anarany, masina ny Anarany
Masina ny anaran'I Jehovah RAY
Tompo Andriamanitra

Lehibe ny fitiavany, lehibe ny fitiavany
Lehibe ny fitiavan'I Jehovah Ray
Tompo Andriamanitra

Izy no Andriamanitray, Izy no Andriamanitra
Izy no Andriamanitray Jehovah Ray
Tompo Andriamanitra

Mahagaga ny Asany, mahagaga ny Asany
Mahagaga ny asan'I Jehovah Ray
Tompo Andriamanitra

# IZY ILAY MESIA

Izy Ilay Mesia
Zanak'Andriamanitra
Izy Ilay Mpanjakanay
Tompon'ny lanitra

Jesosy Kristy
Mpiady maherinay
Jesosy Kristy
Izy no Mpamonjy anay

**REF**

Izy Ilay Mahery
Mpitari-tafika
Izy no kapiteninay
Mpiady ny adinay

# HE TSARA NY LANITRA

He tsara, he tsara e!
Ny lanitra feno voninahitra

Arabaina ianao, voafidin'Andriamanitra
Sambatra izay voavela ny helony
Sy voasarona ny fahotany e!!

He tsara, he tsara e!
Ny lanitra feno voninahitra

Ao no hihaonantsika raha miala eto an-tany
Hitoetra eo anilan'ny Kristy
Tsy hisy intsony ny fijaliana

He tsara, he tsara e!
Ny lanitra feno voninahitra

Akory ny hafalian'ny hampakarina
Rehefa indry ny Mpampakatra
Raha maneno ny trompetra farany
Dia hiara-hiakatra izao sy ianao

# ANDAO ISIKA

Andao isika hiara-hitsangana
Hiara-hidera ny Ray Tsitoha
Izy nahary lanitra,
Izy nahary ny tany koa
Andao isika hiara-dia
Hiara-hiodina miankavia
Ahofahofao ny tananao
Ahetsiketseo ny tongotrao

Hiodina miankavia ve 'zaho?
Hiodina miankavanana?
Tsy mihodina miankavia ianao
Na mihodina miankavanana
Fa mihandrandra ny lanitra
Mijery an'Andriamanitra
Derao Andriamanitra

# RAY O! ITY ZANAKAO

Ray o, ity zanakao
Ray o, ity zanakao
Tsy zakako intsony
Ny lavitra anao

Ny fanahiko maniry anao
Malahelolo raha lavitra Anao
Raha mety ka sitrakao
Raiso ity zanakao

Tia Anao ny fanahiko
Amin'ny fanatrehanao
Eo no mahazatra ahy
Sady tiany fanahiko

Jesosy Tompo o, fantatrao ny fitiavako Anao
Jesosy Tompo o, 'zaho tsy hiala Aminao
Hianao tia ahy, tia ahy hatramin'izay
Sady irin'ny fanahiko

Ray o,……….

# DIA IANAO

Tompo o Hianao ,'lay Mpanjakanay
Jesosy, zanaky ny Ray
Dia Hianao Ilay tia anay
Derainay, hankalazainay mandrakizay

X2

Ilay Mesia, Ilay Mesia
Ilay Mesia dia Hianao
Ilay Mpanjakanay
Ilay Mesia, Ilay Mesia
Ilay Mesia dia Hianao
Ilay Mpanjakanay

REF

Tompo o Hianao ,'lay Mpanjakanay
Jesosy, zanaky ny Ray
Dia Hianao Ilay tia anay
Derainay, hankalazainay ny Anaranao
Asandratray dia Hianao
Ilay mpanjakanay

# MIHOBIA

Mihobia e!  mihobia e
Mihobia fa olon'afaka isika } **ref**

Ranomasina mena nisaraka
Ny Egyptianina nilentika
Andry rahona mitantana ahy amin'ny atoandro
Ary andry afo amin'ny alina

Ref:
Mihobia e!  ……….

Mizotra ho any kanàna
Amin'ilay tany nampanantenana
Tanteraka ny teny fikasana
Tamin'ny androny abrahama

Ref:
Mihobia e!  ………..

Jehovah Andriamanitry ny Razanay
Hatramin'izay ka ho mandrakizay
Izy irey no Andriamanitra
Ety an-tany ka hatrany an-danitra

# MIFOHAZA

Mifohaza mifohaza ry fanahiko
Fa handray fitahiana isika
Mifohaza ry fanahiko
Reseo ny fahavalonao

**REF**

Ny fanahin'ny alahelo ve?
Ny fanahin'ny trosa ve?
**Resy 'zany ee !**
Ary ny ozona avy amin'ny razambe
Sy asan'ny devoly marobe
**Efa resy e !**

Ref: Mifohaza……..

Ny fanahin'ny famosaviana ve?
Ny fanahin'ny fahantrana ve?
**Resy 'zany ee**
Ary ny tafiky ny satana
Efa resinay hatrany am-piandohana
**Efa resy e !**

# SITRAKAY

Ry Fanahy Masina o, sitrakay
Ny hanovanao ny fiainanay
Ilay be famindram-po, sy fitiavana
Tongava soa eto aminay

REF:

Ry Fanahy Masina o, tanteraho
Ny hetahetan'ny Fanahy maniry mafy
Hitoetra eo anilan'I Kristy
Mandrakizay doria

# DERAO NY TOMPONAY

Derao ny Tomponay e, Andriamanitra lehibe
Izy Ilay mahagaga, Mpanjaka be fiantrana
Izy Ilay Tsitoha, mitoetra ao an-danitra
Dera sy laza ary voninahitra

Derao ny Tomponay e, Andriamanitra lehibe
Izy Ilay mahagaga, Mpanjaka be fiantrana
Izy Ilay Mahery lolohavina an-tampon'ny loha
Izy Ilay Mpanajakanay

Asandrato ny aleloiah sy hosana
Ka ambarao amin'ny feo mahery
Izy Ilay Tsitoha mitoetra ao an-danitra
Dera sy laza ary voninahitra

# 107.2 FM

Voninahitra e!
Voninahitra anie
Voninahitra any amin'ny avo indrindra (x2)
Misaotra Anao 'zahay e!
Velon'aina tratry ny andro androany
Famindra-po
Mandrakizay ny famindrampony aminay
Voninahitra e!
Voninahitra anie
Voninahitra any amin'ny avo indrindra (x2)
Mifaly e !
Faly ny fo ravoravo ny fanahy
Midera Anao
Mandrakizay ny famindrampony aminay
Miravo e!
Faly ny fo ravoravo ny fanahy
Midera Anao
Mandrakizay ny famindrampony aminay
Derao ny Tompoe!
Andriamanitra mahery ny Andriamanitra
Mandrakizay
Mandrakizay ny famindrapony aminay

Jerosalema
Avy no hipoiran'ny fifohazam-panahy
Jerosalema
Avy no hipoiran'ny fifohazam-panahy
Jerosalema
Tany no namohazan'ny Tompo ny Mpaminany
Jerosalema
Tany no namohazan'ny Tompo ny Mpaminany

# JEROSALEMA VAOVAO

Jerosalema vaovao
Ilay tanananay
Tanana volamena
Voavotra hatramin'izay
Honenantsika izao
Izay vonona ho anay

Tanàna volamena
Sady feno fahendrena
Mesia no Mpanjaka ao
Andao isika hiara-hifaly

Mitehafa sy mandihiza
Isika izao na iza na iza
Hasandrato ny tananao
Ahetsihetso ny tongotrao

# AFON'NY LANITRA

Raha hidera an'i Jesosy izaho sy ianao izao
Andao andeha hifankatia
Satria mirehitra ny afo raha mitoetra ny fitia
Ao am-ponao izay rehetra manara-dia

Andao hifankatia, andao isika ry namako ô!
Fa didy izany nomen'ny Tompo ka mila hiainana amin'izao
Ka raiso ny tanany, sakambino ny vozony.
F'izany no ahalalana fa tena mpianatr'Ilay Mesia

Ref:
Andao sahia milaza hoe: "Mahery ny afon'ny lanitra" (X2)
Asandrato ny tananao asandrato (X2)
Ahofahofay ambony ahofahofay (X2)
Isika hilaza hoe: "Afon'ny lanitra"
Afo……… afon'ny lanitra (X3)
Izay rehetra nandray azy dia omban'Andriamanitra

Ny anjeliny kosa dia ho tahaka ny rivotra
Fa ny mpanompony ataony lelafo
Izy tsy mila kanosa fa mazoto toy ny vitsika
Tsy tia asa atao andraso andraso

Andao hifankatia, andao isika ry namako ô!...
Fa didy izany nomen'ny Tompo ka mila hiainana amin'izao
Ka raiso ny tanany, sakambino ny vozony.
F'izany no ahalalana fa tena mpianatr'Ilay Mesia

## ANDRIAMANITRA O! RAISO NY FIDERANA

Andriamanitra ô! (X2)
Raiso ny fiderana Anao
Izahay vory eto vonona hidera
Sy hankalaza ny Anaranao (X2)

Ref:

Ambarao (×2)…..ny fitiavan'i Jesosy antsika
Ilay nandatsaka ny Ràny
Teo ambony hazo fijaliana (X2)
Mba hamonjy ahy sy ianao

Ambarao (×2)…..ny fitiavan'i Jesosy antsika
Ilay nandatsaka ny Ràny
Teo ambony hazo fijaliana (X2)
Mba hamelana izao tontolo izao

# ANTSIKA NY FANDRESENA

Tsy hangina mihitsy aho
Tsy hangina intsony aho e!
Fa efa eo an-tanantsika
Ny fandresena lehibe

REF

Fa omeko ho fahazavana
Ny jentilisa koa ianao
Mba ho famonjeko hatrany
Amin'ny faran'ny tany

Ref: Tsy hangina mihitsy aho …………

Dia hiaro anao Aho
Ka hanome anao
Ho fanekena ho an'ny olona
Hanangana ny tany indray

Tsy hanaiky mihitsy aho
Tsy hanaiky intsony aho e!
Fa efa eo an-tanantsika
Ny fandresena lehibe

REF

# AOKA HO FALY NY LANITRA

Aoka ho faly ny lanitra
Ka ravoravo ny tany
Aoka hiraondraona ny ranomasina
Sy izay rehetra eo aminy

Satria eto ny FANAHY
Dia ny FANAHY MASINA
Izay nirahin'ny RAY
Mba hanafy hery ho ahy

ref

Aoka ho faly ny saha
Sy izay rehetra eo aminy
Dia hihoby amin'izay
Ny hazo rehetra ao an'ala

Ref: Satria eto ny FANAHY……….

Eo anatrehan'i JEHOVAH, fa avy Izy
Eny hitsara, ny tany Izy

Hitsara izao tontolo izao
Araka ny rariny
Ary ny firenena rehetra
Amin'ny fahamarinany Izy

# INY JESOSY LASA INY

Iny jesosy lasa iny e!
Dia mbola ho avy anie Izy iny e!
Dia nirahiny ny Mpananatra
Hitarika sy hampahery anao

Fa izao (X2) no hafany aza hadino
Mandehana amin'izao tontolo izao (X2)
Ka torio (X2) ny filazan-tsara
Amin'ny olombelona rehetra

REF

Itorio teny ny malahelo
Afaho ny ampahoriana
Alefaso ny mpifatotra
Mahareta amin'ny asa rehetra

Aza matahotra fa matokia
Tsy hamela anao irery aho
Indro aho homba anareo mandrakariva
Mandrapaha tapitr'izao tontolo izao

# HITSAKITSAO SATANA

Fantatro tokoa Jesosy,
Fa fitiavanao
Nandatsaka ny rany Izy,
Hamonjena anay
Naniraka anay hanompo,
Hitory filazantsara
Nanome hery sy fahefana ,
Hanitsaka ny satana

Hitsakitsao satana hitsakitsao
devoly
losifera
beliala
zeboba

REF

# IZANY HAFALIAKO

Tsy mba hitako ny hilazako ny hafaliako
Satria velona mandrakizay JESOSINAY

Izao tontolo izao,
dia mandalo ihany
Fa Jesosinay tia anay,
mandrakizay

Raha sendra kivy aho,
ka mitanondrika
Ny tanany mahery,
mandray ahy manambitamby

Ny fitahiana,
manaraka eny ihany
Ny famindrampon'i Tompo,
eo aminay mandrakizay

# MITSANGANA MIHAZAVAHA

Mitsangana mihazavaha
Fa tonga ny fahazavanao

Ref:
Mitsangana e! mihazavaha é!
Fa tonga ny fahazavanao

Ny voninahitr'i Jehovah
Miposaka aminao

Ref:
Mitsangana é!mihazavaha é!
Fa tonga ny fahazavanao

Haleloia sy hosanna
Ho an'i Jehovah Andriamanitr'Israely

Ref:
Mitsangana é! mihazavaha é!
Fa tonga ny fahazavanao

# OMEM-BONINAHITRA

Omem-boninahitra ny Ray Tsitoha (x2)

Halleloiah (x2)

Deraina hankalazaina Ilay Mesia (x2)

Hosanna (x2)

Asandrata amin'ny avo ny Fanahy Masina(x2)

Halleloiah(x2)

# RY ISRAELY ANDAO HANDROSO

Masina, Masina e!
Jehovah Andriamanitr'i Abrahama
Masina, Masina e!
Jehovah Andraiamanitry ny Israely

Avo noho ny lanitra ny famindram-pony
Lalina noho ny ranomasina ny fitiavany
Hôsana e! any amin'ny avo indrindra

x2

Izy nanao ny tany,
Izy nanao ny lanitra
Izy nanao antsika e! hiakatra ho any an-danitra
Nohariany amim-piadanana
Naniry aby hatramin'ny hanina
Fa lozan'izay tsy hidera e!
Fa masina Ilay Mahery e!

# TSARA JEHOVAH

Iee, tsara e!
Iee, tsara e!
Iee, tsara e!
Tsara arô JEHOVAH

**REF**

JEHOVAH mpiady mahery
Nisokatra ny ranomasina !
Ny fahavalonay e!
Nilentika any ambany

Hihira ho an'i JEHOVAH
Fa avo indrindra Izy e!
Lehibe ny fitiavany
Mandrakizay ny fiandrianany

Ao an-danitra ao e!
Nanaovany fitoerana ho ahy e!
Hitoetra eo anilany aho e!
Hitsahatra amin'izay nisasarako

# TSIKITSIKY

Tsikitsiky foana ny miaraka amin'ny Kristy(×3)
Fo falifaly mahamirana ny tarehy

Ref:

Tsikitsiky aloha e! (×3)
Mba itsikitsikio moa izaho

Izay madio am-po mahita ny tavan'i Mesia (×3)
Andao re samy hanadio fo

Andao hifaly hioby an'I Kristy (×3)
Asandrato ny tananao andao hiorakoraka eee!

# FANATREHANAO MESIA

Fanatrehanao Mesia no mansitrana ahy
Fanatrehanao Mesia no manafaka ahy
Fanatrehanao Mesia mamelona Fanahy
a a a a a a………Amen!

Aleloiah, aleloiah……aleloiah,aleloiah
Aleloiah , aleloiah….. a a a a a a a a Amen!

# VONINAHITRA

Voninahitra e! (×2)
Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray
Fiadanana e! (×2)
Fiadanana ho an'ny olona marina

Izao no lazaiko anao
Vita ny famonjena
Ho ahy sy ho anao
Ahoana ny hevitrao

**X2**

(Fa ny ahy e!)

Fa ny ahy e! raha ny hevitro e!
Izaho tsy hiala amin'I JESOSY TOMPONAY

Izao no lazaiko anao
Vita ny famonjena
Ho ahy sy ho anao
Ahoana ny hevitrao

**X2**

# DERAO NY TOMPONAY

Derao ny tomponay e, Andriamanitra Lehibe
Izy Ilay mahagaga Mpanjaka be fiantrana
Izy Ilay Tsitoha mitoetra ao an-danitra
Dera sy laza ary voninahitra

Derao ny tomponay e, Andriamanitra Lehibe
Andriamanitra Tsitoha Mpanjaka malaza
Izy ilay Mahery, lolohavina an-tampon'ny loha
Izy Ilay Mpanjakanay

Ref:

Asandrato ny aleloia sy hosana
Ka ambarao amin'ny feo
mahery ny Anarany
Izy Ilay Tsitoha mitoetra ao an-danitra
Dera sy laza ary voninahitra

# DERA SY LAZA ARY VONINAHITRA

Dera sy laza ary voninahitra e!
Ho an'i Jehovah Ray

Izy no tokana izay mehery e
Mpanjakan'ny voninahitra
Izy no tompon'ny tany sy ny olona monina ao
Eran'izao tontolo izao.

Dera sy laza ary voninahitra e!
Ho an'i Jehovah Ray

Jesosy Kristy no anarany e!
Mpanolotsaina mahagaga
Rain'ny mandrakizay
Andrian'ny fiadanana aleloia

# HE TSARA NY LANITRA

He tsara e, he tsara e
Ny lanitra feno voninahitra

Arahabaina ianao, voafidin'Andriamanitra
Sambatra izay voavela ny helony
Sy voasarona ny fahotany e!

He tsara e, he tsara e
Ny lanitra feno voninahitra

Ao no hiaonantsika raha miala eto an-tany
Hitoetra eo anilan'I Kristy
Tsy hisy intsony ny fijaliana e!

He tsara e, he tsara e
Ny lanitra feno voninahitra

Akory ny hafalian'ny hampakarina
Rehefa indry ny mpanpakatra
Raha maneno ny trompetra farany
Dia hiara-hiakatra izaho sy ianao

# FALY AHO

Misy farany fahoriana
Na dia mavesatra aza ny adiko
Dia matoky aho fa ny ray tsitoha
Tsy hanadino ny mpanompony

N'inona n'inona zavatra lalovako
Mety hampatahotra na hampiahiahy
Nefa matoky aho fa Izy tsy handao
Fa tsy misy zavatra tsy hainy atao

Faly aho faly ny foko
Ravoravo ny fanahiko
Aleloia sy hosana
No hiderako anao Tompo Andriamanitro

**REF**

Na dia teo aza ireo ady sarotra
Fanenjehana sy fakampanahy
Tsy hampihemotra ahy amin'ny fanompoana
Vao maika aza aho hiazakazaka

Mba fantatrao moa ny Andriamanitro
Na ny Zanany izay tena tiko
Jesosy Kristy no anarany
Zanak'Andriamanitra velona

# IZA NO NINO AZY

Iza no nino Azy ka nihaino ny teniny
Fa izay nanaraka Azy dia nenjehina
Jesosy Tompo no Anarany zanak'Andriamanitra
Mpanjakan'ny voninahitra

Lehilahy ory sy zatra fahoriana
Tsy tian'olo-ko-jerena akory Izy
Natao tsinontsinona nolavin'olona
Nokapohana nefa tsy nilao-bava

Ny fitsarana nanameloka Azy
Nofongorana niala tamin'ny tanin'ny velona Izy
Toeran'olo-meloka nametrahana Azy
Nefa izy ilay Mesia

Iza no nino Azy ka nihaino ny teniny
Fa izay nanaraka Azy dia nenjehina
Jesosy Tompo no Anarany zanak'Andriamanitra
Mpanjakan'ny voninahitra

Nangina dia nangina ny ntontolo
Nitomany, nitomany ny zavaboary
Nihorohoro ny tany, nalahelo ny lanitra
Fa maty ilay Zanak'Andriamanitra

Ny fanenjehana sy ny fiangonana
No namonoana an'ny Tompo tamin'izay
Tsy nahasakana Azy anefa ny fahafatesana
Nitsangana tamin'ny maty Ilay zanak'Andriamanitra

Iza no nino Azy ka nihaino ny teniny
Fa izay nanaraka Azy dia nenjehina
Jesosy Tompo no Anarany zanak'Andriamanitra
Mpanjakan'ny voninahitra

Fa hoy Jehovah Ray hoe: Ity ny zanako malalako
Ny Anarany atao hoe  mahagaga
Ny fanapahany eo an-tsoriny
Ny fanjakany tsy hana-pahataperana

Natolotra eo an-tanany avokoa
Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy
Izy mandidy sy manapaka azy
Fahavalony miankohoka eo an-tongony

Iza no nino Azy ka nihaino ny teniny
Fa izay nanaraka Azy dia nenjehina
Jesosy Tompo no Anarany zanak'Andriamanitra
Mpanjakan'ny voninahitra

# SABATA

Tonga indray ity ny andro malaza
Hihaonana amin'ny Andriamanitsika e!!!
Sabatan'ny fanafahana anio
Ka samia ravoravo ao am-po,

Ref:

aleloia aleloia, aleloia,
amin'ny avo indrindra e!!!!
fiadanana fiadanana
ho an'ny olona ankasitrahany

Andriamanitry ny Israely nandidy
Ny sabata hitsaharantsika e!!!
Ho hamasinina sy tsofiny rano
Ho tahiana mandritry ny herinandro

Ref:

# FIFOHAZAM-PANAHY

Fifohazam-panafy e
Eto amin'ny firenentsika e e e
Malagasy mandova ny Lanitra e
Famonjena eto amin'ny firenentsika

Asehoy amin'izay Ny Mpaminany e ×3
Hitondra anay ho any an-danitra e

Réf
Mivoha ny vavahady
Hidiran'ny olom-boavonjy
Malagasy maro hifampitantana
Hiara-dia ho any an-danitra

Avia ary hifanao "défie" amin'izay
Satana sy ny olom-boavonjy
Izao no isehoan'ny Zanak'Andriamanitra
Handrava ny asan'ny devoly

Vorionareo ny mpaminanin'ny bala
Raha sahy aza misalasala
Andao isika hiakatra iry tendrombohitra iry
Any isika hifanao "défie" raha sahy ianareo

Ravao ny alitaran'ny bala
Kapao koa ny aseraha
Aringano avokoa ny mpanompony
Maneke fa Jehovah no Andriamanitra!

Réf
Jehovah Izy no Andriamanitra ×2
Mahery ny Andriamanitray
Mandatsaka afo avy any an-danitra

Hoseo ×2 satana
Fahavalo efa resy
Nazera avy any an-danitra
Noho ny amin'ny ran'i Jesosy

# MPANDRESY

Mba henoy kely ange! Ity hirako ity
Izay mitory aminao ny fahatsaran'i Jesosy
Izy nanolotra ny ainy, tamin'ny hazo fijaliana
Nandatsakà ny Ràny hamonjeny antsika

Nandresy ny fasana Izy e!
Nitsangana tamin'ny maty Izy e!
Niakatra velona any an-danitra
Nitoetra eo an-kavanan'ny RAY

Niditra am-boninahiny Izy e!
Tonga mpanjaka Izy e!
Vavolombelon'izany izahay
Fa nandresy ny Tomponay e!

**REF**

Mpandresy Izy e! (mpandresy) X2
Nandresy fasana Izy e!
Mpandresy Izy e! (mpandresy) X2
Rfa nitsangana Izy e!

Nisy ady tany an-danitra mikaela sy satana
Nefa resy satana ka nianjera fa tsy tana
Ny ràn'i Jesosy Tompo io ihany,
No nampianjera ny devoly
Nilatsaka tety an-tany hatrany an-tany
Hatrany anaty ranomasina

Isika nomeny fahefahana!
Mba handresy an'i satana!
Noho ny amin'ny ràn'ny zanak'ondry
Sy ny anaran'i Jesosy

Raha tsy misy rà nalatsaka
Tsy misy famelan-keloka
Voavela ny helon-tsika
Ka andao hifaly sy hihira hoe!!

**REF**

mpandresy! (mpandresy) X3
Noho ny amin'ny ràn'ny zanak'ondry

Nisy ady tany an-danitra mikaela sy satana
Nefa resy satana ka nianjera fa tsy tana
Ny ràn'i Jesosy Tompo io ihany,
No nampianjera ny devoly
Nilatsaka tety an-tany hatrany an-tany
Hatrany anaty ranomasina

Isika nomeny fahefahana!
Mba handresy an'i satana!
Noho ny amin'ny ràn'ny zanak'ondry
Sy ny anaran'i Jesosy

Raha tsy misy rà nalatsaka
Tsy misy famelan-keloka
Voavela ny helon-tsika
Ka andao hifaly sy hihira hoe!!

**REF**

mpandresy! (mpandresy) X3
Noho ny amin'ny ràn'ny zanak'ondry

# TSIKITSIKIN'NY MPANDRESY

Isan'andro aho mandresy
Mandresy hatrany hatrany!
Isan'andro aho mandresy
Mandresy hatrany hatrany

REF

oh, tsikitsiky! X3
Tsikitsikin'ny mpandresy

Isan'andro, faly ny foko
Miaraka amin'ny Jesosy Tompoko
Izy tia ahy, 'zaho tia Azy
Izy no mamelona ahy

REF

oh, tsikitsiky! X3
Tsikitsikin'ny mpandresy

Afa-tahotra ny fanahiko
Azoko antoka ny hiafarako
Raha miala ety an-tany
Dia ho any an-danitra any!

oh, tsikitsiky! X3
Tsikitsikin'ny mpandresy

**Isan'andro, tsikitsiky! X3**
**Tsikitsikin'ny mpandresy**